


Fivoriana fampaherezam-panahy

Fanekena ny Torolalan’Andriamanitra

Sakaizan'i Kristy aho



Manambara ny Tenin'Andriamanitra Dries Du Plessis Dries Du Plessis

Rehefa nanomboka nampianatra Andriamanitra, dia nisaifidy ny Mpianany araka ny toetran’izy ireo Izy—fa tsy amin’ny fahafahana ara-pahaizan’izy ireo, na ambaratongam-pianarana, na amin’ny toearana misy azy ireo eo amin’ny fiaraha-monina. Mijery toe-po mankany Aminy Izy, toe-tsaina am-panetren-tena sy am-panajana. Ankoatra izany, Andriamanitra no mametraka ny fandaharam-pianarana. Mampianatra ny tsirairay Izy “izay lalana hofidiny [Andriamanitra].” (Salamo 25:12). Matetika, ny fomba fifidianan’Andriamanitra dia tsy ny fomba hifidianantsika ho an’ny tenantsika. Mety hirona any amin’ny lohahevitra tahaka ny faminaniana na fanambarana izay toa lalina isika, fa ny fandaharam-pampianaran’Andriamanitra kosa dia mety hifantoka amin’ny hoe inona ny fanetren-tena sy ny ambany ety an-tany: fanompoana, sorona, ary fahatokanam-po.

Misy valisoa mahatalanjona, ho an’ireo manaiky ny fampianaran’Andriamanitra:

> “Ny fisainan'i Jehovah asehony amin'izay matahotra Azy.” (Salamo 25:14)

Eo amin’ny fifandraisan’ny olombelona, dia ireo izay itokiantsika ihany no izarantsika ny tsiambaratelontsika. Toy izany koa, rehefa mizara ny Tsiambaratelony amintsika Andriamanitra dia porofo izany fa nahazo ny Fitokisany isika. Taratasy nahazoana diplaoma tao amin'ny Sekoliny izany.

Io fahamarinana io dia aseho amin’ny fomba tsara amin’ny fifandraisan’i Jesosy amin’ny Mpianany. Ary rehefa Nodidiany mafy telo taona izy, dia hoy Izy taminy:

> "Tsy hataoko hoe mpanompo intsony hianareo, fa ny mpanompo tsy mahalala izay ataon’ny tompony. Fa efa nataoko hoe sakaiza hianareo, satria izay rehetra reko tamin’ny Raiko no nambarako taminareo.” (Jaona 15:15)

© 2008 - Dries Du Plessis

Voalohany, i Jesosy Tenany mihitsy no nianatra tamin’ny Ray tamin’ny alalan’ny fanekena tanteraka Azy. Avy eo, i Jesosy, indray, dia nampita izay rehetra Nianarany tamin’ny Ray tamin’ireo izay nanaiky Azy toy izany koa.

Mbola mifidy ny Mpianany amin’izany fototra izany Andriamanitra. Na ny zavatra Takiany na ny fandaharam-Pampianarany dia tsy niova.

Misaotra Anao, Jesosy ô, fa nanavotra ahy Ianao. Manambara ny faniriako hanaiky tanteraka ny torolalan’ny Tompo aho ka ho tonga Sakaizany, satria sakaizan’i Kristy aho, amin’ny anaran’i Jesosy Kristy, Amena.

Fivoriana fampaherezam-panahy ★

Fandikana: WD-B097-174-MLG
Nohavaozina farany: 13 Oct 2026
Tranokala: Derekprince.com/mg/resources



© 2008 - Dries Du Plessis